

FILOHA RAVALOMANANA, MIARA-MANONJA

Manohitra ny mpanohitra no olana vahan'ny mpitondra

Nanomboka tamin'ity herinandro ity ny fandaharana Miara-manonja amin'ny hendri-ny vaovao, taorian'ny dingana lehibe vita tamin'ny tatitra natao tao Magro Tanjombata ny sabotsy 6 martsa 2021. Olahy 17 martsa, dia ny filohan'ny antoko TIM no sady lehiben'ny mpanohitra ao amin'ny Rodoben'ny Mpanohitra Miara ny Demokrasi eto Madagasikara na ny RMDM, Marc Ravalomanana, no vahiny manokana tonga nanome voninahitra ny fandaharana, sy nizara ny fomba fijeriny ny raharaham-pirenena am-pahasahiana sy am-pahamarinana.

Ny alatsinainy teo dia nampanantsoina ny mpitantana ao amin'ny RMDM hanatrika fivoriana. Saika namaly ny fiantsoana daholo izy ireo (95%), tao ny avy any Mahajanga, Toamasina, Toliara. Lohahevitra roa lehibe no nivoitra tamin'izany dia ny ara-pahasalamana manodidina ny aretina COVID-19, sy ny toe-draharaha manodidina ny jadona miha-mahazo sehatra ka ahitana karazana paikady maloto maro amin'ny fikasan'ny sasany hanasarahana ny RMDM.

Ny COVID-19

Mirongatra ny aretina araka ny tatitra nataon'ireo solontena avy any amin'ny faritra. Tsy hita intsony izay atao fa tsy misy ny fitaovana. Any Mahajanga, na ny lehiben'ny hopitaly maty, profesora, mpisolovava maty, mpampianatra maty, mpanao politika maty. Any Toamasina, miantso vonjy ny avy any Maroantsetra fa misy olona efa tratra ny COVID-19 amin'ny fomba mahery vaika. Milaza ny ao Toamasina fa tsy afaka mandray. Dia jerena fot-

siny ny marary miandry fahafatesana. Miha-marony vatapaty tazana eny ambonny fiara.

Nandainga ny fitondrana raha nilaza fa voafehy ny valanaretina. Ny hany fanefitra fantatra manerantany dia vaksiny hatreto. "Tsy maintsy mitady hevitra hiarovana ny Malagasy ianareo. Tsy maintsy miresaka ianareo na manao négociation", hoy ny filoha Ravalomanana.

Teboka telo no nofaritany, ho lesona ho an'ny filohan'ny repoblika mikasika ny antony ilàna azy eo anivon'ny firenena dia: miara ny vahoaka, miara ny lanjambola, miara ny tanintsika. Ny ain'ny vahoaka aloha eto no laharampahamanana. Ka raha tena hiaro ny vahoaka ny filohan'ny repoblika dia tokony handiso ny ministry ny serasera avy hatrany ary mandeha manao négociation mikasika ny fanafarana vaksiny.

Valo no karazana vaksiny fantatra fa amidy eo amin'ny sehatra iraisampirenena ary tsy ahitana resaka CVO aloha hatreto. Niteny ny ministry ny serasera, fa tsy hanafatra vaksiny kanefa misy ny mpitondra manao vaksiny any ambadika any mivoaka any ivelany. Koa inona no antony tsy anafarana vaksiny ho an'ny Malagasy. Sa tsy lafo ny entana dia ny CVO? Toa milaza hoe aleo ho faty eo ireo, hoy ny fanambarany.

Hoy ny filoha Ravalomanana: "Na ho ela na ho haingana dia tsy maintsy hiverina amin'ny teniny ireo ... fa sao dia hampombo no mahatonga azy tsy hanafatra ... tsy aleo ve mba milefitra dia ain'olona no vonjena". "Minoa aho ianareo fa tsy maintsy hiverina hifampiresaka amin'ny OMS ireo, hilaza hoe eny ary fa inona no

tokony hatao hahazoana ilay fanefitra (rehefa tsy te-hilaza hoe vaksiny) amin'ity COVID ity, satria izahay nanana fa tsy mbola vitanay ny anay, mbola taraiky be".

"Izaho sao dia heverina-reo fa tsy hahazo an'io. Hahazo an'io aho. Hiresaka amin'ireo firenena ireo aho ary mila ny karatra vaksiny. Dia tsy hamela anareo koa aho. Dia raha mahazo aho, anjaranareo ny misafidy."

Ny jadona

Ho gejaina tsy afaka hivoaka eto Madagasikara izany ny vahoaka ankoat'ireo mahitahita. Nofaritan'ny filoha Ravalomanana hoe telo no antony mampirodana ny firenena iray: tsy fahaiza-mitantana, loza voajanahary, ady antrano lehibe. Ny mahazo eto Madagasikara dia tsy voatantana araka ny tokony ho izy ny firenena. Misy ny ahiahy eo amin'ny mpamatsy vola satria mandaingana ny tomponandraikitra. Tsy misy ny mangarahara eo amin'ny fiavian'ny entana sy ny vokatra azo.

Mandeha any amin'ny fanapenam-bava ny firenena. Mpianatra mitaky ny zony fa mijaly dia voadaroka baomba mandatsadranomaso. Solombavambahoaka manao tatitra an-tanampolo sakanana amoahana fitaovampiadiana avo lenta toa misy ady an-trano lehibe. Olona manao akanjo menamena tonga dia samborina sy gadraina. Akatona ny haino aman-jery MBS eo anivon'ny StarTimes, Canal+, Parbole.

Korontanina ny RMDM amin'ny alalan'ny tsaho fa matoa atao ny Miara-manonja dia mitady toerana. Voarakitra ao anatin'ny tatitry ny fivorian'ny RMDM fa "isika tsy mitady toerana, fa izay mahaso na ny

vahoaka". Raha misy ny fanapahan-kevitra dia miresaka amin'ny depiote, ny RMDM sy ny vahoaka.

Hoy ny filoha Ravalomanana: "Ahoana amin'ny maha-filohan'ny RMDM ahy, no handeha ilazako fa handeha hitady toerana? Tsy hitady toerana izany mihitsy aho, fa ny tadiaviko dia fiarovana ny olona amin'ny ainy. Ary tsy hamelako fa tsy maintsy hitady an'izay aho. Raha misy milaza fa mpikambana ao anaty RMDM ary hiditra amin'ny fiarahamitantana, dia azy ny azy, ary manala ny tenany tsy ao amin'ny RMDM izany. Nisy nikasa ny tsy hanaja fitsipika ary voaroaka."

Tsy mitovy ny olana vahan'ny vahoaka sy ny mpitondra. Ny an'ny vahoaka dia ny sakafo ho haniny sy ny fandriampahalemana no laharampahamanana, ny an'ny mpitondra kosa ny manohitra ny mpanohitra, ny anampina ny vavany, ny fisian'ny mpihaino ny Miara-manonja.

Fa ny zava-doza hoy ny filoha Ravalomanana dia ny mpitondra filaminana sy fitsaràna atao fitaovana politika ho an'ny mpitondra sy fanaovana ramatahora dia mitovy, fa mankany amin'ny didy jadona ny firenena.

Ny hafatra farany avy amin'ny filoha Ravalomanana manoloana ny toejavatra ankehitriny dia ny fitondrana am-bavaka ny asa rehetra izay atao. Andriamanitra mahalala izay ao am-po. Anjaran'ny tsirairay ny manitsy ny tenany. Dia homba ny Malagasy mandrakariva anie Andriamanitra.

Mahereza ry Miara-manonja, mahavità be ary milazà ny marina, hoy ihany izy.

Ny Valosoa

Sendikan'ny Inspecteur de travail

Marary ny tontolon'ny asa sy ny fampanan'asa eto amintsika

Tokony hiala ny Minisitry ny Asam-panjakana miaraka amin'ireo tompon'andraikitra isan'ambaron- gany eo anivon'ny Ministera, rehefa tsy mahita vahaoana manoloana ny fitakian'ny sendika mahaleotenan'ny "Inspecteur du travail", sy ny fivondronan'ny "Contrôleur du travail". Io no nisongadina nandritra ny fanambarana nataon'ireto sendikalista mpisehatra eo anivon'ny tontolon'ny asa, sy ny fampanan'asa ireto, tetsy amin'ny Sampandraharahan'ny asa ety Antsahavola afak'omaly. Nanohy ny fanambarana Ramatoa Ravelomahatratra Rojo, filohan'ny sendika mahaleotenan'ny "Inspecteur du travail", fa tokony handray fepetra hain-gana ny filohan-pirenena sy ny Praiminisitra lehiben'ny Gover-

nemanta amin'ny fanesorana ny Minisitry ny Asam-panjakana, miaraka amin'ireo mpiaramiasa amin'io Ministera io, fa tsy mahavita ny andraikiny ireto farany ary tokony hanendry tompon'andraikitra vaovao, izay mahafehy ny tontolon'ny asa sy ny fampanan'asa ary afaka hama-ha haingana ny olan'ny sendika ny mpitondra firenena. Nanohy fanambarana ny filohan'ny sendika mahaleotenan'ny Mpijirika ny asa "Inspecteur du travail", fa marary ny tontolon'ny asa sy ny fampanan'asa eto Madagasikara, nandritra ny taona maro ary ny baiko rehetra tanterahin'ny mpiasam-panjakana eny anivony dia avy amin'ireo mpitantana ny Ministera kanefa mbola tsy nahitam-bokatra ny ezaka nataon'ny Ministeran'ny asa sy

ny fampanan'asa hatramin'izao, araka ny fanamarihana nataon'ny olom-pirenena. Nanamafy Ramatoa Ravelomahatratra Rojo tao anatin'ny fanambarana nataona, fa efa tapitra ny fe-potoana nomena ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Minisitera mpiahy, mba hahafahan'ireto farany mamaha ny fitakian'ny sendika: ao anatin'izany ny famoahana ny sata manokana mifehy ny "Inspection du travail" sy ny "Contrôleur du travail", eo ihany koa ny fanomezana ny tambin-karama an'ireto farany. Nampahatsiahy tao anatin'ny fanambarana nataony ny filohan'ny sendikan'ny mpijirika ny asa, fa mifototra amin'ny Lalàna iraisam-pirenena ao amin'ny laharana 81, sy ny laharana faha 129 ny fitakian'ny sendika ary efa ho 50

taona mahery no nankatovin'ny firenena Malagasy izany fifanaraha iraisam-pirenena izany, kanefa mbola tsy nisy fampiharana izany hatramin'izao. Tsiahivina fa tsoa-kevitra tapaka nandritra ny fivoriana nataon'ny sendikan'ny "Inspecteur du travail", sy ny "Contrôleur du travail" teny Ambohimambola ny zoma 5 Martsa 2021 lasa teo ity fanambarana ity ary efa nanome fe-potoana herinandro ho an'ny Ministera mpiahy ireto farany, mba hitadiavana vahaolana mikasika ny fitakian'izy ireo, kanefa manao be marenina ireto tompon'andraikitra eo anivon'ny Ministera ireto, hany ka niifara amin'ny fangatahana ny fanesorana an'izy ireo.

Franck Razakambelo

Ny Valosoa sy fakafaka

Mpitandro filaminana no itazonana fahefana Misy farany anefa ny zavatra rehetra

Mandalo fotoan-tsarotra ny fiainanan'ny Malagasy ankehitriny, noho ny fahantrana mahazo ny tokantrano maro an'isa. Ankoatra izay, mampitombo ny fahasahiranana izay efa misy eo amin'ny vahoaka ihany koa, ny tsy fandoavan'ny fanjakàna ireo zo isankarazany tokony ho sitrahany. Mihetsiketsika ankehitriny ny mpianatra eny amin'ny Anjerimanontolo saika nanerana an'i Madagasikara, mitaky ny vatsim-pianarana 4 volana miampy fampitaovana. Nifara tamin'ny fisamborana sy fandatsahan-drà namoizana aina mihintsy moa izany. Manoloana izany indrindra dia tsy mipetra-potsiny ireo fikambanana maro samihafa na antoko politika io, na fikambanana tsotra, ny rodoben'ny mpanohitra eto Madagasikara RMDM, ny Vondrona Panorama, ny solombavambahoaka, manatsikafona ny zavatra tsy mety eto amin'ny firenena. Volana vitsy izay, misy ny fandaharana "Miara-manonja", izay sehatra entin'ireo depiote sy olona maro samihafa maneho ny heviny hampisehoana mibaribary ny zavatra tsy mety eto amin'ny firenena ihany koa. Tsy nipetraka tamin'ny fanehoan-kevitra amin'ny fahitalavitra sy onjampeo fotsiny ireo mpanohitra, fa nangataka ny kianjan'ny 13 mey sy Ambohitovonana hanehoana hevitra. Tsy arak'izay anefa no nisy, fa dia mpiandro filaminana miaraka amin'ny fitaovampiadiana mahery vaika no nitsena ireo vahoaka saika haneho hevitra sy hihaino ny tatitra nataon'ny solombavambahoaka teny amin'ny kianjan'ny 13 mey ny 20 martsa 2021 lasa teo. Olona niakanjo mena miisa 12 notondroina molotra, no nosamborina sy nampidirina amponja eny Antanimora. Mahakasika io kianjan'ny 13 mey io, nanambara ny Miara-manonja fa tsy maintsy mbola hiverina ho eo izy ireo amin'ny fotoana maha-mety azy. Ankoatra izany, ny filoha Marc Ravalomanana nanambara tamin'ny fandaharana Miara-manonja, fa fampitahorana izay maneho hevitra no ataon'ny mpitondra amin'izao; amin'izay ireto farany afaka manao izay tiany atao. Izay tokoa no zava-misy ankehitriny, fampiasàna ny mpitandro filaminana sisa no itazonana ny fahefana. Dia mandrampahoviana ny fampiasana hery sy fanagadràna? Tadioidy fa tsy maintsy misy farany ny zavatra rehetra.

Helisoa

NY VALOSOA
Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talatà - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Dokam-barotra

Tel. 034 79 076 00